

ALAHADY VOALOHANY FIAVIANA – TAONA A2019



"Koa aoka àry ho vonona koa ianareo, fa ho avy amin'ny ora tsy ampoizinareo ny Zanak'olona"

Ry Kristianina havana faly miarahaba antsika mianakavy amin'izao Alahady voalohan'ny Fiaviana "Avent" izany hoe fanombohan'ny taona ho antsika Kristianina Katolika satria izao Alahady voalohan'ny Avent izao no hidirantsika amin'ny taona vaovao litorjika ka ankaravoana sy ankafaliana no hiarahabana ny fianakaviana rehetra, hirarahabana antsika Eglizy fototra, hiarahabana antsika Eglizy iraka, antsika sektera sy antsika Eglizy rehetra eto amin'ny diosezy ary antsika EOY Eglizy Olona Velona manorina Eglizy Tranoben'Andriamanitra, taranaka mpanorina ka vita batemy ka hirahina fa indrindra amin'izao taona masin'ny misiona izao. Ankafaliana no hitalahoana ny tsodranon'Andriamanitra ho antsika tsirairary na Kristianina na tsy Kristianina amin'izao taona

masina anombohantsika taombaovao litorjika taona A.

Enga anie ny fahasoavan'Andriamanitra hanampy antsika ka hiova tokoa isika, hanana fomba fisainana, fomba fijery vaovao sy fiainana vaovao ka hahatonga antsika hanavao ny tontolo iainantsika ho tontolo iainana hampivelatra ny zava-boaary hikorokoro sy hiaro ny zava-boahary isika ka

hampivelatra ny tontolo iainana ka ny tontolom-piainantsika hivelatra hanjaka ny fifankatiavana, ny rariny sy ny hitsiny ka hitondra antsika amin'ny fiadanana sy ny fanantenana izay nolazain'i Papa Ray Masina antsika tamin'izy namangy antsika ka amin'izay ny tontolom-piainantsika ho tontolo misy an'Andriamanitra. Ho taona feno fiadanana sy feno fanantenana ho an'ny tanindrazantsika, ho an'ny diosezintsika, ho an'ny Eglizintsika tsirairay dia ny fianakaviana kely anie ity taona litorjika

Vakiteny I : Iz. 2, 1-5

Salamo : Sal. 121

Vakiteny II : Rôm. 13, 11-14

Evanjely : Mt 24 37-44

vaovao 2020 ity. Fantatsika fa tena taona litorjika lehibe ho antsika ity satria taona ankalazana ny faha-100 taonan'ny FET sy fankalazana ny Kongresy Eokaristika.

Maninona no misy ny taona litorjika ? ny taona litorjika no atolotry ny Eglizy handinihintsika sy hiainantsika ny misiterin'ny Tompo ka hahatonga antsika ho iray aminy ka zary Kristianina mpiarabelona amin'olona, mpanaradia an'I Kristy sy ho Kristianina velona tokoa isika, ho EOY ka ny taona litorjika no hibanjinantsika ny fiainan'I Jesoa ka zary fiainantsika fiainan'I Jesoa ka izao fiaviana, Avent izao dia hiomanantsika amin'ny fahatongavana ho nofo dia mifanaraka tsara amin'ny lohateny fankalazana ny FAHA 100 TAONA NY FET "Ny teny tonga nofo, nofo tonga mofo, mofo tonga aina" ka inty tapany voalohany ity dia ny ao anatin'ny vanimpotoanan'ny Avent no handalinantsika ny hoe 'Ny Teny tonga nofo" ka enga anie haninteraka ny fiainantsika tokoa ny tenin'Andriamanitra araky ny efa naverimberintsika matetika, aoka ny fianakaviana hanana ny baiboly handalinana ny tenin'Andriamanitra, tsy handalinana fotsiny fa mba haninteraka amin'ny fiainana andavanandro ka hahay hampitraotra ny fiainana andavanandro sy ny finoana, ho EOY misionera eo anivon'ny mpiara-belona amintsika. Tsy fahafantarina sy fandinihina fotsiny ny fiainan'I Jesoa no tanjona fa hahatonga azy ho fiainantsika sy halaintsika tahaka ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona.

Ny hoe fiavian'ny Tompo mba hahazantsika mivelona azy bebe kokoa, dia misy lafin'ny anankitelo ny hoe advent, adventus amin'ny teny latina, ary fiaviana amin'ny teny malagasy,

Ny voalohany dia ny vanim-potoanana hiomanana ny fiavian'ny Tompo tamin'izy ho tonga olombelona eo anivon'izao tontolo izao, efa ho roarivo taona mahery lasa izay ary izany no nahazahoantsika ny misterin'ny famonjena antsika izay no halalinintsika ka homanintsika amin'ny alalan'izao advent izao. Ny faharoa noho ny asan'ny Fanahy masina ny fankalazana dia zary fiainana ka I Jesoa eo anivontsika amin'ny alalan'ny sakramenta eo amin'ny Eglizy. Ny fahatelo dia ny fiaviana amin'ny fiainana-koavy, miomana amin'izany isika dia ny fiaviana amim-boninahitra, mystery halalinintsika koa amin'izao Advent zao. Noho ny fandalinana ny tenin'Andriamanitra dia zary nofo amin'ny fiainantsika tokoa I Kristy ka rehefa tonga nofo amin'ny fianantsika I Kristy dia isika ihany koa mitondra an'I Kristy eo amin'ny mpiara-belona, isika no tabernakla velona tahaka an'I Masina Maria nandray ny tenin'Andriamanitra ka lasa namangy an'I Elizabeta, ka isika koa dia kominio miombona amin'I Kristy ka noho izany mitondra an'I Kristy eo amin'ny mpiara-belona isika ka izany no mahatonga antsika ho tabernakla velona tahaka an'I Masina Maria, izany no maha misionera antsika amin'ny famenoana ireo siny enina ka hahatonga antsika ho misionera tokoa eo anivon'ny mpiara-belona amintsika.

Halalinintsika ireo tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady voalohany advent izao, ny vakiteny voalohany bokin'Izaia mpaminany manasa antsika hiakatra ambony Andriamanitra. Maro ny zavatra mangeja antsika amin'ny fiainana ity kanefa asain'Andriamanitra isika, izany no antony nahatongavan'I Jesoa, izy no midina fa isika kosa ampiakariny any amin'ny tendrombohitra mba ho afaka hidera sy hanome voninahitra an'Andriamanitra. Araraotintsika izao advent izao fa indrindra ny hanokafantsika ny taona masin'ny finoana izao, izany hoe hametraka an'Andriamanitra amin'ny fiainantsika, *"handeha isika hiakatra any antendrombohitry ny Tompo, antranon'Andriamanitr'i Jakoba, hampianatra antsika ny lalana izy ka hizotra amin'ny lalany isika"*

Raha miakatra ny fontsika ka hihaino ny tenin'Andriamanitra sy hiaina an'izany ka halalinintsika ka ho tonga ao ampontsika izany tenin'andriamanitra izany dia hahafantatra ny lalankombana isika na dia maizina ny fiainantsika dia hiakatra izany fiainantsika izany ka aoka araky ny hafatry Md Paoly, ao amin'ny vakiteny faharoa *“izao tokoa ny fotoana hifohazana izao”* fifohazana amin'ny fatoriana fa indrindra isika miomana amin'ny kongresy eokaristika sy ny faha zato taona ny FET *“Akaiky ny famonjena antsika ka aoka isika ho taitra amin'ny torimaso”* ho an'izay mbola matoritory dia aoka antsika hiverina amin'ny tompo, raha misokatra amin'ny Tompo ny fiainantsika dia entiny miakatra misy azy isika ka any amin'ny tendrombohitra isika no manantanteraka ny sitrak'Andriamanitra tahaka ireo olomasina sy Masina Maria.

Hararaotintsika izao vanim-potoana izao hahazoantsika fahasoavana tokoa, izany no tian'i Md Paoly lazaina amin'izao Alahady izao *“mba hanana fomba fijery avoavo isika, aza variana amin'ny zavatra mandalo,”* izany no hanafaran'I Jesoa antsika ao amin'ny evanjely Md Matio *“Miambena ary aoka ho vonona isika”*, Aoka isika tsy ho variana amin'ny zavatra maro amin'izay manodidina antsika mety misintona antsika ao ny rendrarendra, ny fitiavantena, ny fitiavambola, ny fitapitaka isankarazany, ny fangalarana, aoka isika tsy ho voafitaka, aza revo amin'ny ambany maso isika fa aoka hijery lavidavitra kokoa ao amin'ny Tompo ka miambena ary mivonona mandrakariva fa tsy ho fantantsika ny farandro izany hoe asain'ny eglizy sahady isika mandinika ny fiaviana fahatelo *“Aza variana amin'ity fiainana ity isika”* tsy hoe hiala amin'ity fiainana ity isika ka hanonofinofy fa hiditra amin'ny fiainana zanak'Andriamanitra tonga nofo, aoka ho fiainana hisy an'Andriamanitra fa tsy rendrarendran'izao tontolo izao.

Izany no mahatonga ny olana isankarazany na ny fiainantsika tsirairay na ny Eglizy na ny fianakaviana, na ny fiainan'ny fiaraha-monina satria ny hevitra izao tontolo izao no maharevo antsika ka tsy mahalala intsony ny tena fiainana, ny tena fiainana anefa dia I Jesoa Kristy ilay tonga nofo handrasantsika amin'izao ka aoka ary hanana ny toe panahy miambina sy vonona isika ka na amin'ny ora tsy ampoizina ny hahatongavan'ny zanak'olona dia ho vonona isika satria tsy mirefarefa amin'ny tany ny fomba fijerintsika fa revon'ny ambany maso isika fa miaraka amin'ny Tompo ka miakatra any antendrombohitra. Izany ny noely, raha ny fontsika no miakatra amin'Andriamanitra dia mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro satria mampiditra an'andriamanitra amin'ny fiainantsika. Aoka izao avent izao ho hararaotintsika.

Ry Jesoa Tompo ô, ampio izahay hahatakatra ny misterin'ny fahatongavana ho nofo ka hahay hanararaotra izao vanim-potoana izao fa tsy ho variana amin'ny fihetsiketsehana ety ivelany izahay, aoka ny mpitondra hahatakatra ny tena izy eo amin'ny fiainana dia ny fampandrosona ny olona rehetra, enga anie izahay entanin'ny toe-panahy miambina sy ho vonona ka hahay hizara izany eo amin'ny manodidina anay hahatonga anay ho EOY ka hirahina, ampio izahay hahay hameno ireo sajoa enina ka hiomananay tokoa handray anao amin'ny fahatongavanao eto anivon'ny fiainanay fa indrindra amin'izao Noely izay homaninay izao. Amen